Ny Valosoa sy hadihady

Analamahitsy

Nanondrana indray ny depiote Naivo Raholdina

Nanondrana indray ny depiote Naivo Raholdina, mahakasika ny raharaha fokontany Analamahitsy, ao amin'ny Boriboritany faha-5 eto Antananarivo Renivohitra. Efa mampiaiky ny maro mihitsy ny hafokana sy ny fanamparam-pahefana ataon'ity solombavambahoaka mpiara-dia amin'ny fitondrana ity. Mahakasika ny raharaha fokontany Analamahitsy, nanao taratasy fitarainana Andriamatoa Randrianantoanina Ny Andrianina, sefo fokontany Analamahitsy, nohon'ny zava-nitranga taminy ny alarobia 2 aogositra 2022 lasa teo. Nambarany fa:"nampanantsoiny teny amin'ny biraony teny Ambondrona ny tenako tamin'ny 3ora sy sasany hariva. Vao tonga ny tenako dia nalain'ilay "assistante" daholo ny finday rehetra taty amiko. Efa nisy olona vory lanona tao, ary tao ny lefitrako, izay nampiakariny ho sefo fokontany ho eo amin'ny toerako. Ny komitim-pokontany izay notendreny ho lefitry ny sefom-pokontany. Ny mpitam-bola sy mpitan-tsoratra, ny sefo fokontany Nanisana sady filoha lefitry ny 27 fokontany , boriborintany faha-5, niaraka tamin'ireo "assistants paelementaires". Izaho anefa tamin'io tsy salama. Tonga dia nambaran'Andriamatoa Solombavambahoaka Naivo Raholdina, fa tsy sefo fokontany intsony aho, ary nasehony ny taratasy "abrogation" ny nanendrena ahy. Izaho moa tsy nanisy olana. Nasainy nody ny lefitro sy ilay komity, fa izaho nasainy niandry, ilay mpitan-tsoratra nasainy nankao ambadika ary naheno ny resaka rehetra. Nangataka fanazavana aho saingy ompa sy fandrahonana avy hatrany no azoko, ary niafara hatramin'ny fikasihan-tanana, avy eo namoaka antsy tao anaty tiroir izy, ka nataony teo amin'ny tendako. Tsy afa-po anefa izy fa nalainy ny basy, ka nambanany teo amin'ny lohako sady niteny izy hoe : "DEPUTE DE MADAGASCAR NY TENAKO, TSY AZO GADRAINA SY TSY AZONAO ATAO N'INON'INONA, NA DIA TIFIRIKO VONOIKO ETO AZA IANAO, DIA MANANA NY IMMUNITÉ-KO SY NY MAHA IZY AHY IZAHO. RAJOELINA IHANY NO ATAHORAKO FA ANKOATR'IZAY, JE M'EN FOUS. Haparitako eto ny atidohanao fa ataovy tsara , izahay koa efa manana dossier maro momba anao, fa afaka gadraiko sy potehiko ny hoavinao raha izay no tadiavinao". Izaho tsy namaly, naheno sy nanatri-maso ny assistante sy ny mpitantsoratra ary sefo fokontany Nanisana, fa ireo tsy hijoro vavolombelona . Nosavainy ny téléphoneko ary nosavainy daholo ny sary sy video an'ny « vie privée »-ko ary ny documents rehetra any ary lasany any ny findaiko 1.

Nomeny baiko daholo, ireo olona teo ireo sy ny TGV ao amin'ny boriborintany faha-5 mba hi-bloquer ahy ao amin'ny Facebook, fa hoe hoesoriny izay tratra mbola miresaka amiko.

Mangataka aho ny hamerenana ny findaiko, ary nataoko, ity taratasy ity mba tsy hisian'ny arakaraka, hoy ity sefo fokontany niharan'ny tsindry hazolenan-dRaholdina ity. Milaza izy fa tsy tompon'andraikitra amin'izay hataony na zavatra havoakany, indrindra amin'ny facebook na ny dossier mivoaka avy ao. Tena mila handraisana fanapahan-kevitra izao zavatra tsy rariny ataon'ny depioten'ny IRD Boriboritany faha-5 izao, aoka tsy hisy ny mizana tsindrin'ila amin'ny fampiharana lalàna, na manana zo tsy azo enjehana azy ny depiote, tokony hojerena izao fitarainana izao, fa mety ho lasa fomba fanaon'ity depiote tsy maty manota, manaotao foana ity.

Niaina

Antalaha

Sekoly mbola tsara noravaina hanaovana manara-penitra hono

Gaga sy talanjona ary malahelo ny mponina any Antalaha faritra Sava amin'izao fotoana, noho ny hafitsoky ny fitondrana Rajoelina. Trano sekoly miisa 3 mbola tsara azo ampiasaina any an-toerana no noravana fa hoe hanaovana sekoly manara-penitra hono. Ny EPP Ambatomitraka Antalaha io voalaza fa hanaovana sekoly manara-penitra io. Tao Antalaha rehefa tsy nahita toerana amoron-dalana ny tompon'andraikitra any antoerana dia narodana ny bâtiment vita tamin'ny andron'ny CRESED, izay mbola azo ampiasaina tsara, satria natao, mba ho hitan' olona mandeha Sambava amoron-dalana. Maro no naneho hevitra momba ity raharaha ity, maninona tsy natao amin'ny toeran-kafa. Matahotra ny maro sao ho toy ny Gymnase couvert ; terrain manarapenitra, izay nahena ary tsy vita tsara fa norakofana tapis fotsiny. Ny Oniversite izay mbola tsy vita fa efa lokoina orange, babangoana eo, ka izany no ahiahy mipetraka any Antalaha amin'izao fotoana.

Stefa

Trano sekoly mbola tsara azo ampiasaina, horavana, hanaovana manara-penitra any Antalaha.

FITAMPOHA 2022

Tsy tonga any Belo Tsiribihina ny kabeson'ny Ampanjaka Toera

Niantomboka ny alakamisy faha 04 aogositra 2022 teo ny Fitampoha 2022, ka ny fikarakarana ny Zomba ; nananganana ny takitaky, izay toerana natao fangatahan-tsodrano hamonoana ny omby mazava loha, no nanombohana ny hetsika ary nitohy tamin'ny tsimandrimandry, izay nahitana hetsika maro toy ny moraingy sy ny antsa Sakalava nitohy mandra-maraina.

Ny fanombohan'ny Fitampoha tany Belo Tsiribihina.

Ny marainan'ny zoma no nentina nihazo ny tora-pasika ireo taolam-balon'ny Ampajaka sy ireo fitaovana izay tao anaty Zomba, ka nitohy teny ny fanaovaka hetsika arakolontsaina Sakalava. Ny lanonana rehetra dia teo ambany fiahian'ny Ampanjaka Kamamy Magloire, izay Mpanjakan'i Menabe ankehitriny.

Ny Fitampoha dia fomba fanajana sy fomba fahatsiarovana ny Mpanjaka, izay efa nodimandry ary entina ihany koa angataham-pitahina, satria ho an'ny foko Sakalava dia raisin'izy ireo ho toy ny olo-masina ireo Mpanjaka efa niamboho. Natao koa ny Fitampoha, mba hivorian'ny Sakalava manerana ny lafivalon'ny Nosy. Raha ny Fitampoha moa dia efa fomba fanao taloha isan-taona no nanaovana azy, saingy nohon'ny fanjanahantany satria hitan'ny vazaha fa isaky ny avy manao Fitampoha dia miha-matanjaka ny foko Sakalava, ka nanomboka ny taona 1948 dia lasa isaky ny folo taona ny fanaovana ny Fitampoha, fa nanomboka ny taona 1988 dia natao in-droa isaky ny folo taona, ka indrainday enin-taona indraindray efatra taona, satria tsy azo atao amin'ny taona isa tsy ankasa ny Fitampoha.

Vory maro ny vahoakan'i Belo sur Tsiribihina, izay notronin'ireo solontenampanajakana ato Menabe, notariahan'ny Prefet an'i Morondava sy ny governoran'ny faritra Menabe, sy ireo solontenan'ny Ampanjaka manerana ny Nosy.

Raha ny zavatra nisy dia nirian'ny vahoakan'ny Sakalava ny hiverenan'ny Kabeson'ny Ampanjaka Toera tamin'ny Fitampoha ity, saingy indrisy fa tsy tratra izany nohon'ny antony tsy fantatra. Mazava loatra raha tsiahivina ny tantara dia tamin'ny fotoana nanjakan'ny Mpanjaka Toera tamin'ny vanim-potoana nidiran'ny vazaha nanjanaka an'i Madagasikara dia niditra tao Menabe ireo mpanjanaka ary nanafika tao, ka resy ny fanjakana sakalava ary nasaina nanao Sonia taratasy fifanekena manaiky ny fahareseny sy atao babo ny Mpanjaka Toera, saingy naleony notapahin-doha toy izay nanaiky babo, ka dia notapahin'ireo vazaha ny lohany ary nentiny tany ampitan-dranomasina any amin'izy ireo natao porofo, fa babon'izy ireo ny Sakalavan'i Menabe ary mbola any hatramin'izao, izay nokasaina ho azo ary nampidirina tao amin'ny Zomba tamin'ity Fitampoha ity, saingy mbola misy dingana tsy vitan'ny fanjakana ka tsy nahatratrana izany. Koa ahian'ny maro ny hanaovan'ny fanjakana fitaovana politika ity kabeson'ny Ampanjaka Toera ity, ka hiandrasany amin'ny 2023 vao halaina ity Kabeson'ny Ampanjaka ity. Na izany na tsy izany, tsy fahombiazan'ny ministeran'ny kolontsaina tarihan'ny ministra Lalatiana Andriantongarivo indray, izao mbola tsy fahatongavan'ny kabeson'ny Ampanjaka Toera an-tanindrazana izao.

Rajepa

TONONKALO

Ireo mpanohana andry boboka

Ity ilay manamboninahitra voky vola ve no henoina,
Sa `lay solombava sampona tia miseho na dia tsy antsoina ?
Ny an`ireo anie mazava f`efa tsisy andrasana aminy,
Fa dia ny fisolelahana , izay no ahitany maminy !

Izy ireo dia mahatsikaiky sady tena mampihomehy,
Fa tena sangany amin`ny "halako na ny bika na tarehy" !
Ka raha vao "fofona mpanohitra" no injay fa henonkenony,
Dia toa toy ny akoho fantaka no fisehony sy fanenony !

Tonga fofona avy hatrany ry vazimba be kabary,
Raha vao `njay voakitikitika ity ilay hoe volomboasary,
Ary io fa miboredika sy mipitipiti-drora .
(Moa mba saininy va re ireo olo-maro manakora !)

Ilay "saika maty an-drano indray" dia toa mirifatra tsy tana,
Ka dia lasa kilalaon`ireo mpanongam-panjakana.
Aminy izay "mihetsiketsika" dia lazainy fa "mpanongana".
Be galona ny toa azy sa dia tena "sary vongana" ?

...Mba hevero izay hatao dia mba amboary koa ny toetra,
F`aza faly hihosinkosina amin`ny maimbo sy voretra.
Ny efa lo dia `ndeha ialao , aza andaniana ranomanitra,
Raha mihevitra ny tena ho mahay na koa maranitra !

DADAN`i RIANA (04-08-22)

PRIERE AU SACRE CŒUR

Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Miangaly A.